# FILAZANA MANOKANA MOMBA NY TOETRY NY ANDRO ETO MADAGASIKARA


***Fiforonana andro ratsy ao amin'ny ranomasimbe Indiana***

****************************************

***Novokarina ny*** : 17 Oktobra 2025 tamin'ny 06 ora hariva

## A. Firafitra Ankapoben'ny toetry ny andro

Misy faritra andro ratsy mitoetra ao amin'ny ranomasimbe Indiana, ao Atsinanan'i Nosy Diego Garcia. Efa hita taratra amin'ny sarin'ny zanabolana ny tambolon-drivotra miaraka aminy, arahina rahom-baratra saika mitoetra manodidina ny foibeny. Nikisaka niakandrefana somary Atsimo Andrefana izy tato anatin'ny 24 ora farany. Any amin'ny manodidina ny 3131 Km Atsinanana somary Avaratra Atsinanan'i Antalaha no nisy ny foibeny ny tolak'andro teo.





***Sary 1*** : ***Sary azo avy amin'ny zanabolana ny 17/10/2025 tamin'ny 04 ora hariva***

Araka ny singa voaray ny maraina teo dia tombanana manodidina ny 55 Km/ora ny rivotra miaraka aminy arahina tafiotra ao anaty oram-baratra.

## B. Fironana ato anatin'ny dimy andro manaraka

Tombanana hanohy ny diany hiakandrefana somary Atsimo Andrefana ity faritra andro ratsy ity ato anaitin'ny dimy (5) andro manaraka. Tomombana amin'ny ankapobeny ny firafitry ny habaka, ka hanamora ny fivoarany. Noho izany dia vinavinaina ho lasa rivodoza ity faritra andro ratsy ity amin'izao faran'ny herinandro izao. Raha izay no miseho dia hitondra ny anarana hoe CHENGE izy.




***<u>Sary 2</u> : Vinavinan'ny mety ho lalany mandritra ny dimy andro manaraka***

Tsy hisy fiantraikany amin'ny toetry ny andro eto Madagasikara ny fisiany ato anatin'ny dimy andro ho avy. Tsy mbola misy ihany koa ny filazana loza mikasika ity tranga ity. Entanina kosa ny mponina amin'ny faritra DIANA, SAVA ary AMBATOSOA mba hanaraka ny vaovaon'ny toetry ny andro indrindra manomboka ny fiandohan'ny herinandro manaraka.

Araho mandrakariva ihany koa ny toro-marika omeny manam-pahefana isan-tokony.

**<u>Vaovao manaraka</u>** : rahampitso 18/10/2025

==========NNNN============

Le Prévisionniste